FANGATAHANA FISARAHAM-PANAMBADIANA

Andriamatoa/Ramatoa FILOHAN'NY FITSARANA
AMBARATONGA VOALOHANY
.............................................

Antony: Fangatahana FISARAHAM - PANAMBADIANA

Andriamatoa/Ramatoa FILOHA,

Voninahitra ho ahy R......................................................................................., monina ao amin'ny lot ..............................tompon'ny kara-panondro laharana faha ............................. nomena ny ......................... tao ..................................., no ahazoako mamelabelatra izao toe - javatra izao aminao :

Izaho sy R ..........................dia mpivady ara-dalana araka ny soratra faha ........................ ny ......................... tao .......................

Ankehitriny anefa dia rava ny fiainan – tokatranonay noho izao antony manaraka izao ...................................................................................................................................................
...............................................................................

Efa nanao ny ala – nenina rehetra aho nefa dia tsy nahitam-bokany mihintsy izany, koa dia mangataka aminao aho ny mba hitondra izao raharaha izao eo anatrehan' ny mpitsara mpanao fampihavanana, ary raha tsy ahitam-bokany izany dia mangataka aho ny amoahana didy milaza ny fisaraha-panambadianay ho amin' ny tsiny aman-pondron-dR .........................................

Apetraka amiko ny fitaizana ny zaza ary didiana izy handoa vola mitentina ...................................... mba ho solon-tsakafon'ireo zanakay ireo.

Raiso Andriamatoa/Ramatoa FILOHA ny haja atolotro ho anao.

Sonia

Fonenan'ny mpitory
Fonenan'ny toriana

TSY AZO AMIDY

**MINISTERAN'NY FITSARANA**

----------

---------------

**FOIBEM-PITONDRANA MISAHANA NY FANDINIHANA SY NY FANAVAOZANA LALANA**

------------

**SAMPAN-DRAHARAHA FANAPARIAHANA LALANA**

-------------

# NY FISARAHAM-PANAMBADIANA
## (DIVORCE)

**LALANA MIFEHY**

Lalàna laharana faha 2007-022 tamin'ny 20 Aogositra 2007 mikasika ny fanambadiana sy ny fitondrana ny fananan'ny mpivady.

## IREO ANTONY HANEKENA NY FISARAHAM-PANAMBADIANA?

- Tsy fahazakana intsony ny fiaraha-monin'ny mpivady;
- Tsy fanatanterahan'iray amin'ireo mpivady ny andraikitra sy ny adidiny avy amin'ny fanambadiana (ny firaisa-monin'ny mpivady, ny fifanampiana, ny fifamonjena, ny fifampitokisana sy ny fifanajana);
- Fijangajangana;
- Fanasaziana ny iray amin'ireo mpivady noho ny heloka bevava .

***Ireo antony rehetra ireo dia arahana porofo mazava.***

## FITSARANA MAHEFA

Fitsarana mikasika ny ady madio :

- misy ny toeram-ponenan'ireo mpivady
- na misy ny toeram-ponenan'ny toriana na ny toerana nonenany farany.

> ***Fanamarihana:*** *Ho an'ny vehivavy misintaka, ny fitsarana misy ny toerana honenany mandritra ny fisintahany no mahefa*

## PAIK'ADY

- Fangatahana alefa any amin'ny Filohan'ny Fitsarana Ambaratonga voalohany na manao fampiantsoana ny andaniny hiseho fitsarana.
- Aterina ao amin'ny Lehiben'ny Mpirakidraharahan'ny Fitsarana Ambaratonga voalohany ireo antontan-taratasy rehetra ilaina amin'izany miaraka amin'ny vola fanao an-tratra.

**Dingana voalohany :** Fampihavanana (conciliation)

- Fisehoana am-batana ny andaniny sy ny ankilany eo anatrehan'ny Fitsarana (tsy azo soloina tena).
- Manao fampihavanana ny mpitsara ary mihaino ny roa tonta:
  - Raha toa ka mihavana ireo mpivady, mitsahatra avy hatrany ny paik'ady.
  - Afaka manome fe-potoana tsy mihoatran'ny enim-bolana ho an'ireo mpivady koa ny mpitsara hieritreretan'izy ireo. Raha tapitra io fe-potoana io ka raha mbola te hanohy ny paik'ady ny mpangataka fisaraham-panambadiana dia mangataka fitohizan'ny paik'ady indray izy.
  - Raha toa ka tsy mihavana ireo mpivady, mamoaka didy mirakitra ny tsy fihavanana (Ordonnance de non conciliation) ny mpitsara ary mitohy ny paik'ady momba ny fangatahana fisaraham-panambadiana.

**Dingana faharoa :** Fanatrehana ny fotoam-pitsarana

- Mifanakalo fehin-teny ny andaniny sy ny ankilany
- Tononina sy avoaka ampahibemaso ny didy momba ny fisaraham-panambadiana ary didiana ihany koa ny fizaram-pananana eo amin'ny mpiady roa tonta araka ny sata mifehy ny fananan'izy ireo.

## IREO ANTONTAN-TARATASY ILAINA AMIN'NY FANGATAHANA

- Fangatahana omban'antony
- Kopian' ny bokim-pianakaviana na sora-panambadiana
- Sora-pahaterahan'ny zaza iombonana (acte de naissance)
- Taratasy manaporofo ny fahadisoan'iray amin'ny mpivady (oh : taratasy fitanana an-tsoratra ny fijangajangan'iray amin'ireo mpivady, taratasy fanamarinana avy any amin'ny mpitsabo, sns…)
- Rosia manamarina ny nandoavana ny vola fanao an-tratra mitentina roan-jato sy valo arivo sy efatr'alina Ariary (48.200 Ar) tao amin'ny Lehiben'ny Mpirakidraharahan'ny Fitsarana Ambaratonga Voalohany.

***Fanamarihana:*** ***Ho entina eny amin'ny Kaominina nanaovana ny fisoratam-panambadiana ny didim- pitsarana raikitra rehefa mivoaka, mba hanaovana ny soratra an-tsisiny.***